Rindran'ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

## Tetikasa « TANA MASOANDRO »,
## Ho fanajàna ny lalàna, ny zo fototra, ny fangaraharana sy ny teny ierana dia ilaina ny fotoana ampy hamolavolana mba hampitombina ara-teknika, ara-ekonomika sy ara-tsosialy ny tetikasa ary hanaovana « manara-penitra » ny serasera sy ny fifampidinihana ary ny fampandraisana anjara ny olona eny ifotony.

Ny ROHY dia maneho ny alahelony sy ny fanahiany noho ny toe-java-mitranga ary tsy mankasitraka ny am-boletra sy ny fampiasana herisetra indrindra ny mihatra amin'ny mponina efa marefo. Araka ny fomba fiasany, ny ROHY dia miezaka hatrany manangona ny antontam-baovao marina avy amin'ireo tompon'andraikitra ifotony sy ny vahoaka ary mifanakalo hevitra amin'ny Tompon'andraikitra sy Manam-pahefana/ Ministera isan-tsokajiny. Ekena fa ilaina ny mitady hevitra hanitarana ny tanàna manoloana ny fitombon'ny mponina saingy kosa :

1. **Ny Fitondram-panjakana dia tsy maintsy mandrindra ny fomba fiasany mba « hanara-penitra » :**
    - **Atao ampy sy matotra ny serasera, ny fifampidinihina ary ny fampandraisana anjara ny olona eny ifotony.** Hamafisina ny fanazavana sy ny fakan-kevitra mialoha miaraka amin'ireo kaominina, fokontany, tanàna sy firaisamonim-pirenena izay atao anaty mangarahara tanteraka sy "araka ny voalazan'ny lalàna. sy ny fomba fanao" amin'ny tetikasa goavana tahaka ity Tana Masoandro ity.
    - **Atao vonona sy zaraina ho mangarahara amin'ny besinimaro ny antontam-baovao sy ny drafitra isan-karazany manazava tsara ny tiana hatao sy ny mampitombina ny tetikasa Tana Masoandro na ara-teknika, na ara-tsosialy sy ekonomika na ara-tontolo iainana**. Lazaina fa misy ireo, kanefa sady tsy ananan'ny maro no tsy nohazavaina amin'ny mponina. Sarotra noho izany ny mifampiresaka satria mbola tsy fantatry ny tompon-tany sy ny tompon-trano ary ny manodidina mazava tsara ny ho atao, ny vokany, ny fiantraikany ary ireo olona izay hahazo tombontsoa amin'ilay tetikasa.
    - **Manaja tanteraka ny zon'olombelona**, ny zo fitompoana fananana izay arovan'ny Lalàm-panorenana araka ny andininy faha-34, ary ny zo hahalala ny vaovao (And. faha-11 ny Lalàm-panorenana) indrindra fa mahakasika ny fiainan'ireo voakasiky ny tetikasa mivantana na an-kolaka.
2. **Ny mpiantsehatra rehetra dia tokony hanao ny andraikiny am-panajana ny lalàna**, tsy hampiasa herisetra ary tsy hanimba fananan'olona na avy aiza na avy aiza ary na inona na inona antony. **Tokony halalaka ny fanehoan-kevitra sy arovana ny « asa fanaovan-gazety »** ary aoka tsy ho helingelenina ny fanatanterahany ny andraikiny hanangona sy hizara vaovao marina.
3. **Tsara sy ankasitrahana ny fandraisan'andraikitra nataon'ny Filohampirenena nampiato ny tetikasa mba ahafahana mihaino ny olona eny ifotony** ary manome lanja ny soson-kevitra avy amin'izy ireo. Fanapahan-kevitra mitsinjo ny tombontsoa ambonin'ny firenena sy ny vahoaka malagasy indrindra ireo izay efa marefo sy anaty fahantrana lalina izany.

Ny Hetsika ROHY dia :

4. **Mino sy manantena fa ny malagasy sy ny Tompon'andraikitra, na inona na inona firehana ara-politika sy tsy fitoviana ara-kevitra, dia liam-pandrosoana** ka afaka hifampiresaka sy hifandresy lahatra am-pitoniana.
5. **Manamafy sy manambara fa hanohy hanaraka akaiky ny zava-misy ary vonona hanamora ny fifampiresahana.**

NY HETSIKA ROHY　　　　　　　　　　　　　　Anio, faha 23 Oktobra 2019